A AHOANA NO ANAOVANA SAFIDY

- **Fahalalahana hisafidy.**
  - Manazava ny Baiboly fa noforonin'Andrimanitra hanana fahalalahana isika. Izany hoe, manana fahalalahana hisafidy isika, ary mampirisika antsika hanao safidy tsara Andriamanitra (Gal. 5:13; Deot. 30:19).
  - Noho ny fitiavany, dia nifidy antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay Andriamanitra fony tsy mbola ary akory isika (Efes. 1:4).
  - Kanefa, dia tsy maintsy manao safidy isan'andro isika ny amin'ny fanekena io famonjena io (Jao. 3:16; Jos. 24:15).
- **Manao safidy tsara.**
  - Ahoana no hanaovana safidy tsara raha araka ny Baiboly?
    (1) Mivavaka mialohan'ny hanaovana safidy (1 Tes. 5:17; Jak. 1:5)
    (2) Vonona hankato an'Andriamanitra (Isa.1:19; Mat. 7:24-25)
    (3) Mandinika ny Baiboly (Sal. 119:105; 2 Tim. 3:16)
    (4) Matoky an'Andriamanitra (Ohab. 3:5-6; Isa. 58:11)
    (5) Mitady mpanolo-tsaina hendry (Ohab 15:22; 24:6)

B INONA NO SAFIDIANA

- **Fisafidianana namana.**
  - Ny namana safidiatsika dia mety hitarika antsika ho amin'ny lalana tsara na ratsy.
  - Ny namana tsara dia “tia amin'ny andro rehetra” sady ho rahalahy “amin'ny fahoriana” (Ohabolana 17:17).
  - Fifandraisana mandray tendro roa ny fisakaizana: “Izay manana sakaiza dia tsy maintsy maneho fitiavana” (Ohabolana 18:24 NKJV).
  - Ohatra lehibe ny amin'ny fisakaizana tsy misy fe-petra ny amin'i Jonatana sy Davida. Handray ny toerana izay tokony ho an'i Jonatana Davida, kanefa tsy nandray azy ho toy ny rafy i Jonatana fa nanolotra ho azy ny fisakaizany.
- **Fisafidianana vady.**
  - Ny fomba tsara indrindra hanaovana safidy tsara dia ny mangataka tari-dalana amin'Andriamanitra (Genesisy 24:7).
  - Misy toro-hevitra tsara ihany koa ao amin'ny tantaran'Isaka sy Rebeka: mitady vady Kristiana (Genesisy 24:3-4).
  - Raha maniry fanambadiana mahomby ianao, dia tsy maintsy manomboka ny ho olona tsara aloha ny tenanao (Salamo 37:27; 119:97; 1Kor. 15:33; Jakoba 1:23-25). Tsy maintsy manao tahaka izay tianao hataon'ny vadinao aminao ianao (Matio 7:12).
- **Fisafidianana asa.**
  - Raha tsy hoe mikarakara tokantrano sy ny ankohonana (ny asa ambony indrindra) amin'ny fotoana rehetra angaha, dia tsy maintsy misafidy izay asa ataony eo amin'ny fiainana mba hamelomany ny tenany ny ankamaroan'ny olona.
  - Ny dingana voalohany dia ny fisafidianana lalam-piofanana izay hitondra any amin'ilay asa iriana, araka izay azo atao. Ny safidy tsirairay dia tsy maintsy manaraka ity fitsipika fototra ity: “na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany.” (1 Korintiana 10:31).
  - Etsy ankilany, dia tsy tokony ho ivon'ny fiainantsika velively ny asa (jereo Mpitoriteny 2:1-11). Tsarovy fa “ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra.” (1Tim. 6:10)